www.fjkm-ambohitantely.mg



# GAZETY Tantely

*"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)*

**Laharana faha-91 / 13 February 2022/ 1.000Ar**

# "MITANA NY TENINY NY TOMPO"



## ANDIA MANOA



*Zokiolona* >70-80 taona



*Asa sosialy*


| | |
|---|---|
| **Sabatry ny Fanahy** | >2 |
| **Editorial** | >3 |
| **F.J.K.M** | >3 |
| **ISIKA SAMY ISIKA** | >4,5,6 |
| **AKADEMIA** | >7 |
| LOHOLONA SY DIAKONA | >7 |
| **SAMIHAFA** | >8 |


GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

***« Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » (Tit. 2 : 11a)***

Hafatra nampitondrain'i Paoly an'i Titosy zanany ara-panahy sady misionera na mpitory ny Filazantsara tany Kreta ity tapaka andin-tSoratra Masina ity. Teny tsy afaka am-bavan'i Paoly ary miverimberina saika isaky ny Epistily nosoratany ny mikasika ny fahasoavan'Andriamanitra. Eto dia tsy diso anjara amin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany ny mponina na ny Fiangonana tany Kreta. Mbola tanora dia tanora i Titosy no nirahin'i Paoly hitory ny Filazantsara tany Kreta izay fiarahamonina malaza masiaka, kamo, tia filàn'ny nofo sy fahafinaretana. Hoy ny and. 12 amin'ny toko 1 : « mpandainga mandrakariva ny Kretana, biby ratsy, kamo be tenda ». Tsinjon'ny Apostoly Paoly fa tsy mora ny nampanirahana an'i Titosy hiasa sy hijoro vavolombelona amin'izany fiarahamonina hafahafa izany, ary izay no nampaherezany azy mafy tamin'ity taratasy ity. Fa inona loatra re no nahatonga an'i Paoly nanao hoe : « Efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » raha naniraka an'i Titosy izy ?

**Ny Filazantsara dia fampahafantarana ny fahasoavan'Andriamanitra.**

Araka ny voalaza ery ambony dia ratsy fitondran-tena ny ankamaroan'ny mponina tao Kreta. Ary tsy vitan'izany fa feno fanamarinan-tena. Eo am-pahitana izany i Titosy dia mety ho azon'ny fakampanahy hitsara na hihemotra mihitsy aza amin'ny asa nanirahana azy. Mety ho azon'ny fakampanahy hieritreritra tahaka an'i Jonah mpaminany fa tsy mendrika handray ny Filazantsara ny olona tahaka izany. Notaomin'i Paoly anefa i Titosy hijery ny Kretana amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra. ity solomason'ny fahasoavan'Andriamanitra ity no tiany ho eny amin'ny mason'i Titosy ka hahitany fa ny famonjen'Andriamanitra dia tsy miankina amin'ny olombelona fa miankina amin'Andriamanitra irery ihany. Ary ny fotoana andraisan'ny olona izany famonjen'Andriamanitra izany dia tsy mbola miankina amin'ny olona ihany koa fa mbola miankina amin'Andriamanitra. Samy fiasam-pahasoavana, na ny fitoriana ny Filazantsara, na ny fandraisana ny Filazantsara. Antitranterin'ny Apostoly Paoly ny maha Mpamonjy an'i Jesoa (toko. 2 : 13). Saingy ny mampiavaka manokana ny FIlazantsara asain'i Paoly torian'i Titosy momba an'i Jesoa Mpamonjy dia Izy mpanadio. Nosy i Kresta, mahafantatra ny lanjan'ny rano ho fanadiovana. Mahafantatra rahateo ihany koa ny loto sy ny vokany. Hany ka manan-toerana tao amin'ny sivilizasiona kretana ny toe-tsaina maloto sy madio. Tsy ny maloto sy ny madio vokatry ny tsy fisasana ihany no fantatry ny Kretana, fa ny fahalotoana sy ny fahadiovana ara-panahy. Sarihan'i Paoly aza ny sain'i Titosy hijery ny Kretana sy hitaona azy hahatsiaro fa i Jesoa no tena Mpanadio, ary ao aminy irery no ahitana fanadiovana. Koa raha miteny hoe famonjena ny Apostoly Paoly dia midika ny nanadiovan'i Jesoa ny fahotan'ny olona tamin'ny rany.

Hoy àry i Paoly : *« **Fa efa niseho ny fahasoavan'Andriamanitra »**.* Ny hevitr'izany dia efa tonga ny fotoana nomanin'Andriamanitra ka nanekeny hanadio maimaim-poana izay rehetra mino an'i Jesoa. Tsy ny halehiben'ny fahotana tsy akory no zava-dehibe fa ny fibebahana sy ny fanekena hodiovin'ny Tompo. Ampy hahasasa sy hanadio ny fahotan'ny olona rehetra ny ran'i Kristy raha manaiky handray azy izy. Koa ny hoe mitory ny Filazantsara dia tsy inona tsy akory fa fampahafantarana ny famonjen'Andriamanitra tamin'ny nanirahany ny Zanany hanadio antsika.

**Ny fahasoavan'Andriamanitra dia natao ho an'ny olona rehetra**

Ny fiarahamonina tamin'ny andron'ny Antikite dia fiarahamonina antanan-tohatra. Ary tsy vitan'ny hoe antanan-tohatra fa misy ambony, misy ambany, misy maloto, misy madio, sns… Fakampanahy mpahazo ny olombelona ny mifampijery amin'ny alalan'ny anjara toeran'ny tsirairay ao amin'ny fiarahamonina. Asongadin'ny Apostoly Paoly ho ao an-tsain'i Timoty ny tsy hiheverany ny Kretana ho tsy mendrika handray ny Filazantsara ary dia tsindriany fa ho an'ny olona rehetra ny fahasoavan'Andriamanitra. zava-baovao tamin'ny fotoan'androny izany hoe Andriamanitra mampitovy ny olona rehetra. Ny mahazatra ny Kretana dia ny olona no manatona an'Andriamanitra, fa eto kosa ny Filazantsara asain'i Paoly hotorian'i Timoty dia Andriamanitra efa nanatona ny olona tamin'ny alalan'i Jesoa ka nandrava ny efitra nampisaraka ny olona Aminy. Samy manana anjara amin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany avokoa ny sokajin'olona rehetra. Hoy i Paoly tamin'i Titosy : « Toy ny vehivavy, ny lehilahy, ny mpanompo, ny loholona, ny olona rehetra, hitantsika ao amin'ny toko. 2. Tsy manavaka na iza na iza Andriamanitra satria ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra dia efa nampiditra ny olona rehetra izay mino an'i Jesoa ho Zanany. Amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra no ahatsapan'ny olona fa harena sy fifamenoana ny fahasamihafana ary fifamenoana. Ny fahotana no mampiasa ny fahasamihafana ho fifanoherana sy fifaninana ka miteraka fifandirana ; fa ny fahasoavana kosa dia mampifanatona ny mpino ho tena iray ihany ao anatin'ny fanajana ny samy maha izy azy ny tsirairay. Tsy mora ny fitoriana ny FIlazantsara tamin'ny mponina tao Kreto ary izay no nanafaran'i Paoly an'i Timoty handeha amin'ny fahasoavana amin'ny fijoroana vavolombelona. Izay mijro vavolombelona rehetra mantsy dia tokony hahatsiaro fa fahasoavana izany fa tsy zioga tsy akory.

**FEHINY**

Raha mijery ny vanim-potoana iainana ankehitriny isika, indrindra raha mijery ny fiainam-piarahamonina dia hita fa tena mbola toa an'i Titosy any Kreta ny Fiangonana : misedra fiarahamonina masiaka, tsy tia anatra, manamarin-tena, tia rendrarendra. Manoloana izany ny fitaovana tian'ny Tompo ho eny am-pelantanan'ny Fiangonana anefa dia ny fahasoavana. Taomin'ny Tompo ny Fiangonana hijery ny fiarahamonina amin'ny fahasoavana, ka ny antom-pisiany sahady ao amin'ny fiarahamonina dia efa fahasoavana. Ny fahasoavana no mahatonga ny Fiangonana tia ny fiarahamonina iasany, tia ny mpanota fa tsy ny hitsara azy, ny hampahatsiaro azy fa ao amin'i Jesoa Kristy irery ihany no tena fanadiovana marina sy ny fiainam-pifaliana tena izy sady maharitra. Koa tsy mahazo kivy ny Fiangonana fa miorina tsara amin'ny fahasoavana.

*RAKOTONAVALONA Maholy Mpitandrina*

***« Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina ; moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? » Nom 23 :19***

Volana vaovao, lohahevitra vaovao indray no dinihan-tsika FJKM amin'ity volana Febroary 2022 ity dia ny manao hoe : **"MITANA NY TENINY NY TOMPO".** Hampianarana sy hampatsiahivana antsika kristiana indray ny amin'ny maha Andriamanitra Velona sy Mahatoky ny Andriamanintsika ka miteny sy mahatanteraka izay rehetra ambarany eo amin'ny fiainantsika.

Ny fahavalon'ny finoana dia ny fisalasalana. Ny antony mahatonga ny fisalasalana matetika dia ny fiezahana manakatra na mandinika toe-javatra iray amin'ny saina maha-olombelona fotsiny ihany ka mahatonga ny fanontaniana hoe : ahoana no ahatanteraka izany? Amin'ny fomba ahoana? Sns…
Tsy takatry ny saina amin'ny maha olombelona anefa ny fomba fiasan'Andriamanitra, ary izay no maha Andriamanitra Azy. Ny anjarantsika dia ny mino sy mankatoa Azy amin'izay rehetra itondrany antsika.

Iaraha-mahalala ny hasarotry ny fiainana amin'izao fotoana iainantsika izao, eo ny aretin-doza, eo ihany koa ny fisondrotry ny vidim-piainana, ny rivo-doza sy ny maro hafa.... Matokia fa velona ny Tompontsika, nampanantena fa momba antsika, tia atsika, tsy hanary antsika mandrakizay. Tsy mivadika amin'izay efa nambarany Izy ary porofo sy famantarana nomeny antsika ny nahatongavany olona tety an-tany ka nanolorany ny tenany ho famonjena antsika izay tsarovantsika ao anatin'ny firaisan-databatra aminy amin'ny fanasan'ny Tompo. Eo ihany koa ny mbola hitenenany amintsika isan'andro amin'ny alalan'ny Soratra Masina, toriteny sy fampianarana na any ampiangonana na amin'ny haino aman-jery fa indrindra koa amin'ny alalan'ny gazety TANTELY izay vokarin'ny fiangonana isaky ny roa volana.

Manentana antsika amin'ny fanjifàna sy fanaparitahana izany ho voninahitr'Andriamanitra.

Mahereza havako, ny Tompo homba anao. Azy irery ny voninahitra. Amen.

***RAKOTONIAINA Helisoa Voninkazo, Mpitandrina***

## F.J.K.M, TAOM-PIASANA 2022

Notanterahina teny amin'ny Coliseum Antsonjombe ny fotoan-dehibe ho an'ny Mpino Kristiana FJKM ny Alahady faha 16 Janoary 2022, izay fitondrana am-bavaka ny taom-piasana vaovao sy fiarahabana ny Filohan'ny FJKM Irako ANDRIAMAHAZOSOA Ammi Mpitandrina mianakavy.

Tao anatin'ny fanajana tanteraka ny fepetra ara-pahasalamana no niatrehana izany.

Nitondra ny Tenin'Andriamanitra tamin'izany, Andriamatoa isany:

ANDRIAMAMPIANINA Zaka Harimasy, Mpitandrina, Filoha Mpanampy-Birao Mpiandraikitra Foibe
RAJAOMANJATO Doda Herisoa, Mpitandrina. Mpanolotsaina-Birao Mpiandraikitra Foibe

- Hafatra avy amin'ny Tenin'Andriamanitra:

***« Tsy misy andriamanitra mahavonjy afa-tsy Jehovah Andriamanitra irery ihany » (Isaia 46 : 3-7)***

- Raha te-hahalala an'Andriamanitra dia :

« Mila mahita ny tsy fahita » (Jaona 1 : 18)
« Mila mandre ny tsy fandre » (Jaona 9 : 30-32)
« Mila manaiky hihinana ny tsy mahazatra » (Jaona 6 : 47-51)

- Hafatry ny Filohan'ny FJKM enti-miatrika ny taom-piasana :

- Mitrakà
- Miovà
- Mivavaha
- Miasà

Nahavelom-panantenana ny fahatongavan'ny mpino maro be tamin'ny fanompoana sy fiderana ny Tompo ho fijoroana vavolombelona hanehoana finoana velona sy iainana, mba ho voninahitr'Andriamanitra irery ihany.

***Stéphane RAJOHARISON, Diakona***

# KATEKOMENA ANDIA MANOA (2021-2022)

Toy ny fanao isan-taona dia tanterahina anio Alahady faha 13 Febroary 2022 ny fanokanana ireo Katekomena Andia « MANOA ». Hitombo 24 mianadahy indray izany ny mpiray latabatra amin'ny Tompo eto amin'ny fitandremana Ambohitantely, ary fifaliana ho an'ny Fiangonana iray manontolo ny manotrona azy ireo.
Nianatra nandritry ny herinaona izy ireo ary efa nahatanteraka ny fisindàna ny Sabotsy faha 11 Desambra 2021 teny Ambohimanga izay niarahana tamin'ny Mpitandrina RAKOTONAVAONA Maholy, ny Fiaindraiketana Ara-panahy ary ireo Mpiahy azy rehetra.

« Fa raha toa ahy kosa dia hitady an'Andriamanitra aho ; Ary Andriamanitra ihany no hanolorako ny teniko. » Joba 5 : 8 no teny notsongaina avy amin'ny Soratra Masina amin'izao fotoan-dehibe eto amin'ny fiangonantsika izao.
Ireto avy ny anaran'izy 24 mianadahy :
VEHIVAVY :

1. ANDRIAMANAMPIHERY Henintsoa
2. ANDRIAMIANDRA Mariarisoa Henintsoa
3. ANDRIAMIANDRA Vololona Liantsoa
4. RAJAOBELINA Maholy Salima
5. RAKOTOMAMONJY Iangotiana Miahy
6. RAKOTOMANANA Lantoniaina Fitiavana
7. RAKOTONIRINA Mitia
8. RAMORASATA Andry Ornella
9. RAOLOSON Vahinala Stacy
10. RASOAHARISININA Vololona
11. RAZAFINJATOVO Fifaliana Harisoa Stephanie
12. RALITERA Miora Gabriella

LEHILAHY :

1. ANDRIAMAROMANANA Andry
2. ANDRIANTSILEFERINTSOA Jill Andriambala
3. MAHALEO Tahirimanankasina
4. RABENORO Avotrananatenaina Andry
5. RAKOTO Ny harena Mamy
6. RAMINO-RATSIRAVANA Zo Andrianina
7. RANAIVO RAVONISON Riantsoa Kevin
8. RANDISA Nomenjanahary Elie
9. RANDRIAMANANA Hery Fitahiana
10. RAVELOMANANA Halidera Tia Ny Aro
11. RAKOTOBE Miangaly Andrianjohary
12. RANDRIANARISON Mahenika Iaroniaina

Izahay eto amin'ny Gazety Tantely dia maniry anareo mba hahery tokoa amin'ny fanompoana ny Tompo Jesoa.

***Stéphane RAJOHARISON, Diakona***

## Ireo zaza natolotra taona 2021 :

1. ANDRIAMAHEFA Ny Aiko Aaron
2. RAKOTOMALALA ANDRIANOROARIVO Leoh Rindra
3. RAONIVELO Matthew Stefana
4. RABENOHARANA Rohimamy Maharitra
5. RANAIVOSON Amboara Ny Avo Isandratana
6. RATSIAMBAKAINA Miarisoa Notahina
7. RANASY Mihatra
8. FIFALIANA Miharisoa Daniella
9. PALISSY Aylan Tsiresy
10. RAZAFINARIVO Ny Rohy Nariantsa
11. RALIBETRA Mihaja Kevin Aylan
12. RAMANANTSOA Tianaina Keyoran
13. RHAJA Noah Harivony
14. RAMIANDRASOA Hajavola Adrian Tinay
15. RANDRIAMASY Andraina Mael
16. RANARISON Harena Parade
17. RAMANJATOJAONA Amora
18. ANDRIAMIAKATSOA Noah Miahy Fy Tia
19. AINA NDROSO MAHATENDRY Harinirina Shaima

## Ireo nodimandry - Taona 2021 :

Itompokolahy sy Itompokovavy isany :

1. ANDIANTSILEFERINTSOA Patrick Emilson
2. RAKOTONIRINA Mamy Andriamalala
3. RAJOELINA Andonirina Solofoarinanja Rahajarivelo
4. ANDRIAMANANTENA Voahangy Ranarivelo
5. RAMANITRA Farasoa Holinirina
6. RAZAFINDRABE Joelison Samuel
7. RAJONSON Arsene
8. RAKOTONIRINA Hervé
9. RANOROMALALA Sahondra Eleonore
10. RAZANAJATOVO Rainivony Andriantsalama
11. RATSIMIHAH LILIANE Harilala
12. RAMIADANARY Lalarisoa Ratsitohara
13. RAZAFY ANDRIANAIVO Lala
14. RAMBININTSOA Andrianarijaona
15. RAKOTO David Andriamialisoa
16. RAZAKAMBAO Odile Gabrielle
17. RAMBELOSON Ernest Espere Laurent
18. RAKOTONAVALONA Bien Aimé
19. RAJAOBELINA DOGIMONT Annie
20. RAZAFIARISON Voahangy
21. RAZAFIMAHALEO
22. RASELIARISOA Celmine
23. RAVELOMANANTSOA Ratsimihah Joséphine
24. RALAMBOFIRINGA RASOANARIVAOMALALA Odette
25. RAKOTOVAO ANDRIANJAKA Jean, Mpitandrina
26. RAKOTO Helene Odette
27. RAKOTOARIVELO Léon Gilbert
28. RANDRIAMORA Samuel Max, Mpitandrina
29. RAVELOMANANTSOA RATSIMIHAH André Maurice
30. RAVELOMANANTSOA RATSIMIHAH Raymond
31. RANJIVASON Jean Théodore
32. ANDRIANASOLO Harinoro Jeanne d'Arc
33. Dr RAZAFIMANDIMBY Christian Marie
34. RANDRIANJAFINIMANANA Jean Paul
35. RAMBELOSON Ramalalanirina Suzanne

## Ireo Zokiolona feno 80 taona no miakatra – Taona 2022

### *Ramatoa isany :*

1. ANDRIAMADY Ravoniarisoa Yvonne
2. ANDRIAMAHAZO Gisèle
3. ANDRIAMIHAINGO Ralalamihamina Ambinintsoa
4. ANDRIANANJASON Rolande Zaorivololona
5. NARIVELO Lydia
6. RABAKOARIVELO Bien Aimée Emilienne
7. RABARIJAONA Henriette
8. RABENORO teraka RATSIMIEBO Christine
9. RAFANOHARANA Marie Louise
10. RAHAMEFY Suzanne
11. RAHARIMANANA Helmine
12. RAHARINTSOA Marthe
13. RAJAONARIVONY Samueline
14. RAKETAMANGA Rondro
15. RAKOTOMAVO RAVALITERA Anna Rachel
16. RAKOTOMIHAMINA RAFARAVOLOLONA Yvonne
17. RAKOTOSOA Marthe
18. RAKOTOVAO RAHANTANANDRASANA Ruthe
19. RALIBETRA Olga
20. RALIBETRA RASOANARIVALOMALALA Albertine
21. RAMAMONJISOA Suzy
22. RAMANAMAHEFA Noëline
23. RAMANANA RAHARY RAKOTOARIVONY Charlotte
24. RAMANANTENASOA Marthe
25. RAMBELOSON Marthe Suzanne
26. RAMBOASOLO RATOLOJANAHARY Rasalama
27. RAMIADAMANANA Reinette
28. RAMINOMALALA Beby Zoé
29. RANAIVOSOA Aimée Noeline
30. RANILOARISOA Gisèle
31. RANOROARISOA Claire
32. RAOBELINA Holisoa
33. RAOBELINA RANALIZAKA Bodo
34. RAOSERAVOLOLONA Victorine
35. RASAMIMANANA Monique
36. RASOAMAHARO Jeanne
37. RASOAMANANTENA Eléonore
38. RASOARIMALALA Claire Edwige Martine
39. RASOARINORO Marthe
40. RASOARISOA Alice
41. RASOAZANAJATO Joséphine
42. RATODIARIVONY RAKOTOARIVELO Raymonde Aimée
43. RAVAOARIVELO Jeanne
44. RAVAOMIARANJAY Olga
45. RAZAFINDRAMBOA Ralibera Martine
46. RAZAFINDRASOA Jeannette
47. RAZAFINDRAVAO
48. RAZANAJATOVO Louisette Lalasoa RAZANATSALAMA
49. RAZANAMANDIMBY Louise
50. RAZOELINORO Berthe
51. RAZOELISOA Céléstine
52. ROBSON RAVAOARIMALALA Oldine

### *Andriamatoa isany :*

1. ANDRIAMIHAINGO Noelson
2. ANDRIANALY Arthur Denis
3. ANDRIANANTOANDRO Emmanuel
4. Dr RAZAFIMANANTSOA
5. IPANALINA Lucien Amédée
6. RAJAONARIVONY Jules
7. RAJOHARISON Jules
8. RAKOTO Charles Harvel
9. RAKOTO RABESO Solomon
10. RAKOTONIAINA Théodore
11. RAMANANA RAHARY Charles
12. RAMAROSON Adolphe Emile
13. RAMBOASOLO Lucien
14. RAMINOSOA Victor Andriamialy
15. RAMPANJATO Ranjasaona
16. RAOBELINA Rivo Andriambelomanana
17. RASOLOFOSON Charles
18. RAVELOMANANA Jean Claude
19. Dr RAZAFIMANANTSOA
20. RAZAFINDRATSIMA

## Ireo Zokiolona feno 70 taona no miakatra – Taona 2022

### *Ramatoa isany :*

1. ANDRIAMIAFARANJAMBOLA Josée
2. ANDRIAMIHASOA RANDRIANARIVELO Lala
3. ANDRIANARIVONY RAHELIARIMANANA Adèle
4. ANDRIANASOLO Nénette
5. ANDRIANJAFITRIMO Annie
6. ANDRIANJAKA Alice
7. Mbolasoa Haribenja Théodora
8. Mme Veuve Michel ROBINSON
9. RABENARISOA Bakoly
10. RABEROJO RAZAFIMAHEFA Clarisse
11. RABESO RAZANADRASOA Jacqueline
12. RABODOSOA RAVONISON Colombe
13. RAFEHIVOLA Marcelle
14. RAHAINGONOARINOROMALALA Lewys
15. RAHAMEFY RANARISON Berthe
16. RAHARIMIADANA Lilia Fleur
17. RAHARISANDY Noeline
18. RAHARISAONA Raymonde
19. RAHELISOA Oiliarivelo
20. RAHOLIJAONA Lucette
21. RAHOLIJAONA Marthe
22. RAHOLISOA Rachelle
23. RAJAOBELINA Alice
24. RAJAONAH RATSIMISETRA Julie
25. RAJAONARISON Yvonne
26. RAJAONARIVELO Abéline
27. RAJESSON Charline
28. RAJESSON Lydia
29. RAKOTO Lydie Viviane
30. RAKOTO RAZAOHARISOA Maryse Elisa
31. RAKOTO Yolande
32. RAKOTOARISOA Beby Sahondra
33. RAKOTOARIVELO Yvette Rajaonah Ratsimisetra
34. RAKOTOBE Sahondra
35. RAKOTOVAO Anne Marie

36. RALALAHARISOA Gabrielle
37. RALITERASON Jeanine
38. RAMANAMAHEFA Aline
39. RAMBELOSON RATSIMBAZAFY Bakoly
40. RAMBELOSON RAZAY Sahondra
41. RAMBININTSOA Bébé Jeanine
42. RAMINOSOA RASOAMAMPIONONA Noromalala
43. RAMIZA Léontine
44. RANAIVOSON Noblette Zaielinoro
45. RANAIVOSON RAZANARIVONY Lydia
46. RANDRIAMANOHISOA Robine
47. RANDRIAMAROMANAFATRA Léandrette
48. RANDRIANARISOA Fara Ratsimiah
49. RANDRIANARISON Louise Aimée
50. RAOBELINA Lalasoa Raharimanana
51. RAOELFILS Victorine
52. RAOELIARISON RASOAZANANY Prisca Colombe
53. RAOELIMANANA Noeline
54. RAOELISON Monique
55. RAOELISON RAJONSON Claire
56. RASEHENOMALALA Charlotte Augustine
57. RASENDRASOA Chantal
58. RASOAHANITRINIAINA Lala Fleurette
59. RASOAMAHARO Noelisoa Niriana
60. RASOAMALALA Claire
61. RASOAMALALA Jeanine
62. RASOAMANAMBELO Lalaniaina Suzanne
63. RASOARINIVO Suzanne
64. RASOARIVONY Mariette
65. RASOAZANAMANANA Adéline
66. RATSIHAROVALA Randriamampionona Lala
67. RATSIMIVONY Zoely Harinivo
68. RAVALITERA RANDRIAMAMPIONONA Lisy
69. RAVAOARISOA Felicité
70. RAVAOMIARANJAY Norosoa
71. RAVELOMANANA Christianne
72. RAVELOSOANANAHARY Monique
73. RAZAFIMANANTSOA RALAMBOFIRINGA Eliette
74. RAZAFINDRAHETY Perle
75. RAZAFINDRALAMBO RAMANITRA Yolande
76. RAZAFINDRAVAO Henriette Monique
77. RAZAFINJATOVO Julienne
78. RAZAFINTSALAMA Annie Ginette
79. RAZANAMALALA Perle Olga
80. RAZANANALY Dorothée

***Andriamatoa isany :***

1. ANDRIAMAHERISOA Rajoeliarivony Jean Robert
2. ANDRIAMAMPANDRY Maximilien Denis
3. ANDRIAMAROSOA RATSIMBAZAFY Armand
4. ANDRIAMIAFARANJAMBOLA
5. ANDRIAMIHAJASOA Rasoloarimanana Olivier
6. ANDRIAMIHASOA Raholitseheno Alphonse
7. ANDRIAMIHASOA Raholitseheno Arsène
8. ANDRIANARISAINA RAVALITERA Jean
9. ANDRIANARIVONY Tobijaona
10. ANDRIANJAFITRIMO Raoel
11. ANDRIANJAKA Mady
12. Dr RALAMBOFIRINGA Arsène
13. RABEROJO RAZAFIMAHEFA Richard
14. RAHOLIJAONA Rajoël
15. RAHOLIJAONA Raoel Jean Richard Andrianarisoa
16. RAJAOBELINA Jean Marc
17. RAJAONSON Alain Février
18. RAJESSON Christian
19. RAJOELISON Louis Martin
20. RAJOHARISON David
21. RAKOTO Harry Rabetokotany
22. RAKOTO July Rafaralahy
23. RAKOTOARISOA Rémi
24. RAKOTOARIVONY Julien Martin
25. RAKOTOMALALA Augustin
26. RAKOTOMANGA Charles
27. RAKOTONIRINA RAVELOJAONA Daniel
28. RALISON Olivier
29. RAMBELOSON Laurent
30. RAMIANDRISOA Willy Gaston
31. RAMINOSOA Jacques Aimé Victor
32. RANAIVOSOA Ratsimba Roland
33. RANDRIAMAMPIONONA Solofo
34. RANDRIAMANANJARA Jean Baptiste
35. RANDRIAMAROMANAFATRA Stanislas
36. RANDRIAMASY Alain Jose
37. RANDRIANARISOA Honoré
38. RAOELIARISON Abel
39. RAOLOSON Andrianohery
40. RASOAMAHARO Jacques Francis
41. RATSIMAMANGA Gilbert
42. RATSIMBAZAFY Roland
43. RAVALITERA Rabenalisoa Jean
44. RAVELOJAONA Andrianavalomanga
45. RAVELOJAONA Jean Narivony
46. RAVELOSON David
47. RAVELOSON Solomona
48. RAZAFINDRALAMBO Hery
49. RAZAFINONY Guy

*Ny Fiaindraiketana ny Fandraharahana – FJKM Ambohitantely*





# FJKM AMBOHITANTELY SY NY AKADEMIA MALAGASY

Akademia Malagasy no ivo-toerana hanaovana fandinihana marolafy sy hanantontolo ny vokatry ny asa fikarohana.
Ny tanjon'ny Akademia noho ny firaisany fileovana amin'ny hasin'ny fiandrianam-pirenena dia mitahiry ny hasin'ny maha-malagasy amin'ny lafiny rehetra ary mampanjary izany hirosoan'ny Malagasy amin'ny fivoarana manaraka ny toetr'andro.
Izany no ilaharan'ny Akademisiana amin'ny Olombem-pirenena sy Olombem-panjakana (Hommes d'Etat) fa tsy mpanao politika vonjivonjena (politiciens) izy. ( Pr RANJEVA Raymond)
Notanterahina ny Alakamisy 28 Oktobra 2021 ny fanokafana ny fivoriambe iombonana fanokafana ny taom-piasana 2021-2022.
Ireo Mpikambana mahefa eo amin'ny Akademia Malagasy no tompon'ny fanapahan-kevitra farany araka ny didy aman-dàlana mifehy azy amin'ny tany sy ny fanjakana.
Izy no manapaka sy manana fahefana mampiditra ny ho mpikambana vaovao ary misy telo karazany izany:
- Mpikambana Mahefa
- Mpikambana Mpiombonantoka
- Mpikambana Mpifandray

Handray anjara amin'ny asa fampiroboroboana ny asa fikarohana sy ny fampanjariana ny soatoavina Malagasy anaty fikambanana no tanjona hifaharana

Singanina manokana fa misalotra ny andraikitra sy adidy ary mizaka ny zo mifanentana amin'ny laharana misy anaty fikambanana amin'ny andro nanondrotana ireo voafidy.

Ny faha 28 oktobra 2021 dia nosinganina manokana ireo olona mpikambana anaty FJKM Ambohitantely izay miavaka tokoa

Ireo efa lasan-ko razana :
- Ny Mpitandrina Andriamanjato Richard Mahitsison
- Raharijaona Henri
- Ranjivason Jean Theodore

Ireo am-perin'asa :
- Ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy Nirina Harvel
- Rabenalisoa Ravalitera Jean
- Ravelomanana Mamy Raoul
- Ravelomanana Jacqueline
- Ramamonjisoa Andrée Suzy
- Razanamahery Yda Njaka Rindrasoazanany

Fanamby lehibe no miandry antsika rehetra ho famerenana sy fanomezan-kasina ny Teny Malagasy izay mifototra amin'ny kolontsaina manambatra sy mampiomboina. Tsy vitan'ny mpikambana ny asa fa miainga amin'ny tsirairay satria ankehitriny ny ray aman-dreny mihitsy mandà ny fampiasana ny Teny Malagasy hanabeazany ny taranany

Saino sy Diniho kely hoe :
Firy ny voambolana Malagasy hain'ny zanakao ? Ary ianao hampita izany ve mahafehy manontolo izany
Mahavita miteny Malagasy madio tsy mifangaro anaty iray andro ve ny ankohonana iray ?
Ny lalàna fanorenana no mamaritra ny satan'ny TENY : Fa voasoratra hoe :
« TENY MALAGASY NO TENIM-PIRENENA »

Noho izany NY TENY MALAGASY NO FANORENANA sy enti- manarina NY FIRENENA MALAGASY. Fa tsy teny vahiny no indramina entina mampivoatra ny Madagasikarantsika.
« Andrianiko ny teniko ny an'ny hafa feheziko »

***Yda RAZANAMAHERY, Diakona***

# FIFAMPIARAHABAN'NY LOHOLONA SY DIAKONA

Araka ny fanaontsika eto amin'ny fitandremana Ambohitantely dia nosokafana tamin'ny Alahady faha 30 Janoary 2022 ny fifampiarahaban'ny Loholona sy ny Diakona amin'ity taom-piasana 2022 ity.

Noho ny fahasoavan'ny Tompo dia tanteraka soa aman-tsara ny fotoam-pivavahana izay notarihin'ny Mpitandrina RAKOTONIAINA Helisoa Voninkazo ary ny Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy kosa no nitondra na hafatra sy ny fampaherezana ho an'ny Loholona sy ny Diakona ary ny Fiangonana manontolo araka ny Testamenta Taloha izay hita ao amin Levitikosy 14 : 1-9

« Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona (Jaona 15 :16), Aza tsy mitandrina ny fanomezam-pahasoavana izay ao anatinareo, izay nomena anareo tamin'ny faminaniana sy ny fametrahan-tànan'ny loholona(1Tim 4 :14), Aoka ianareo ho maotona tsy miroa teny, tsy tia divay be, tsy tia harena maloto, mitandrem tsara ny zava-miafina ny amin'ny finoana amin'ny fieritreretana madio(1 Tim3 :8-9), Tandremo ny tenanareo sy ny fampianaranareo, ka mahareta amin'izany; fa raha manao izany ianareo, dia hamonjy ny tenanareo sy izay mihaino anareo. (1 Tim :4-16) »

Izany no teny avy ao ao amin'ny Soratra Masina nentina nanorenana izany fotoana manokana ho an'ny Loholona sy ny Diakona izany.

Nisy ihany koa ny hira fiderana niarahana natao, ary indrindra ny rojom-bavaka nifandimbiasan'ireo Loholona sy Diakona mahakasika ny :

-Vavaka ho an'ny Loholona sy Diakona tsirairay eo @fiainany manontolo (fanompoana, fivelomana, fianakaviana).
-Fiarahamiasan'ny Loholona sy Diakona hisian'ny firaisan-tsaina sy fifankatiavana.
- Fiaraha-miasan'ny mpitandrina @ Loholona sy Diakona ary ny Fiangonana.
- Vavaka ho an'ny firenena.
- Fisaorana an'Andriamanitra ho an'ireo marary efa sitrana ary vavaka ho an'ireo mbola ao anatin'ny fitsaboana.

***Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahitra.***
***RATSIAMBAKAINA Tahina, Diakona***

## FIANDRAIKETANA NY ASA SOSIALY

Ho fandraisantsika FJKM Ambohitantely anjara ho fanampiana ny traboina ety amin'ny faritra misy antsika ary koa ho fanampiana Ireo tokantrano sahirana loloha zoma hariva dia nanatontosa hetsika fizarana vary, menaka, Pâte Matsiro, savony, voamaina, bonbon , chocolat , biscuit ho azy ireo ny Fiangonana tamin'ny alalan' ny Fiandraiketana ny Asa Sosialy ny Alarobia 2 febroary 2022 hariva. Isaorana manokana ny Raiamandreny Mpitandrina mivady tonga nanotrona ary nitondra fampianarana sy fampaherezana ho azy ireo amin'izao fotoana sarotra lalovan'ny Firenena izao. Isaorana ireo fianakaviana rehetra nanolotra fanomezana, isaorana ny Fiangonana manontolo amin'ny Rakitra ataonareo ho an'ny mahantra. Hoy ny Soratra Masina ***« Fa aza manadino hanao soa sy hihantra , fa fanatitra toy izany no sitrak'Andriamanitra » Hebreo 13:16*** . Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.





## SAMPANA LEHILAHY KRISTIANINA

Misaotra an'ANDRIAMANITRA fa vita soa amantsara ny 02 febroary 2022 teo ny fitsidihana ny asa fambolen-kazo ny taona 2021. Tsapa nandritra ny fitsidihana fa vitsivitsy ihany no tsy naniry ny zanankazo novolena, teo ny fandravonana ny làlana izay ho alehantsika ny rehefa hamboly hazo indray amin'ity taona ity. Faniriana moa no saika anaovana izany ny 05 febroary teo fa iarahantsika mahalala ny toetry ny andro izay tsy nahafahana nanao izany. Na izany aza anefa dia mandroso tsara ihany ny asa fandavahana izay hanaovana ny fambolen-kazo. koa dia manentana antsika rehetra havitrika amin'ny asa famaranana ny fambolen-kazo amin'ity taona ity. Ny andro anaovana izany moa dia mbola hampahafantarina antsika miandalana ihany.



**Famokarana ireo zana-kazo**



**Ireo mpanao fitsirihana**



**Fitombon'ireo hazo novolena**



**Fanolorana ireo ho raisina**



**Alahadin'ny Loholona sy ny Diakona**



**Ambohitantely sy ny Akademia**